



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

I KRISTY SY IREO FIANGONANA 7 TANY ASIA MINORA
– LE CHRIST ET LES 7 EGLISES D’ASIE MINEURE

Sabotsy 25 jolay 2020
Samedi 25 juillet 2020

NY AMIN’NY FIANGONANA TAO LAODIKIA (Apôk. 3, 14-22)
– CONCERNANT L’EGLISE DE LAODICEE (Apoc. 3, 14-22)

Amin’ny Anaran’Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin’Andriamanitra – Parole de Dieu :

« Fa satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka, dia efa haloan'ny Vavako ianao ... [kanefa] ... Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka Amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako » (Apôk. 3, 16 sy 21) - « *Ainsi, parce que tu es tiède et que tu n'es ni froid ni bouillant, Je vais te vomir de ma Bouche ... [mais] ... Le vainqueur, Je le ferai asseoir avec Moi sur mon Trône* » (Apoc. 3, 16 et 21). Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY : Aoka hiaraka hivavaka isika rehetra – *Prions ensemble :*

Teny fampidirana – Introduction : Ry havana – *Chers frères et sœurs :*

Hira (Chant) chorale : Hay teo foana i Kristy.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Apôk. 3, 14-17 :

14 Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Laodikia : « Izaon'ny lazain'ny Amena, dia ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, izay niandohan'izao zavatra noharin'Andriamanitra izao : 15 Fantatro ny asanao, fa tsy mangatsiaka na mafana ianao. Aleo ho mangatsiaka na ho mafana ianao. 16 Fa satria matimaty ianao ka tsy

mafana na mangatsiaka, dia efa haloan'ny Vavako ianao. 17 Fa hoy ianao : 'Manankarena sy efa nihary fananana be aho ka tsy manan-java-mahory', kanjo tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka.

14 Ecris à l'ange de l'Eglise de Laodicée : « Voici ce que dit l'Amen, le Témoin fidèle et véritable, l'Auteur de la création de Dieu : 15 Je connais tes œuvres. Je sais que tu n'es ni froid ni bouillant. Si seulement tu étais froid ou bouillant ! 16 Ainsi, parce que tu es tiède et que tu n'es ni froid ni bouillant, Je vais te vomir de ma Bouche. 17 En effet, tu dis : 'Je suis riche, je me suis enrichi et je n'ai besoin de rien', et tu ne sais pas que tu es malheureux, misérable, pauvre, aveugle et nu.

Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 : Ny fahitan'ny Tompo ny Fiangonana tao Laodikia : mila mandini-tena satria tsy mahalala izay tena toetrany – Comment le Seigneur a vu l'Eglise de Laodicée : des gens qui ont un besoin urgent de faire le point car ils ne savent pas où ils en sont :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika mba - *pour notre foyer pour que :*
 - handini-tena tsirairay ka hiaiky, eo anatrehan'ny Tompo, izay faharatsiana iainany – *chacun fasse son introspection et reconnaisse, devant le Seigneur, le mal dans lequel il vit*
 - hibe-baka sy hiala amin'ny toetra sy ny fanao ratsy tsy ankasitrahana'Andriamanitra – *se repent et se détourne de ses mauvaises pensées et de ses mauvaises habitudes non-conformes à la Volonté de Dieu*
- ho an'ireo izay namoy havan-tiana mba – *pour ceux qui ont perdu un être cher pour que :*
 - hahitany fa voafetra ny androntsika ety an-tany ka hanisa ny androny izy – *ils prennent conscience que notre vie sur terre est limitée et qu'ils comptent leurs jours*
 - hampio-renany ny fanantenany amin'i Jesosy Tompo, ilay Vavolombelona mahatoky, hany azo antoka – *ils fondent leur espérance dans le Seigneur Jésus, le Témoin fidèle, le seul véritable*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, ny fahefan'ny Teninao no ataovy mamaritra ny fiainanay, mba tsy ho anarana fotsiny no iantsoana anay ho kristiana fa mba ho tena fiainanay izany. Ataovy mahatsapa ny fanatrehanao izahay mba hitokianay amin'ny Fitiavanao izay namonjena anay ary mba hiorenany eo amin'i Jesosy Kristy, ilay hany Vavolombelona marina sady mahatoky – *Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, fais agir dans notre vie la puissance de ta Parole, pour que nous ne portions pas seulement le nom de chrétiens mais que cela soit une réalité dans notre vie. Fais-nous sentir ta Présence afin de nous donner confiance en ton Amour qui nous a sauvé. Nous voulons également fonder l'espérance de notre vie en Jésus-Christ, le Témoin fidèle et véritable.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay, amen ! – *Au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ, amen !*

Hira (Cantique) : 173, 1-2 : Hosana no asandratray :

1. Hosana ! (in-3)
Hosana no asandratray
Ho an'i Jesosy,
Fa Izy no Mpanjakanay
Sy Tompo tia koa.

Fiverenana :

Hosana no atolotray Anao, ry Tomponay !

∴ Ity no andro Jobily ka hifalianay ∴∴

2. Hosana ! (in-3)
Hosana ho Anao anie,
Ry Kristy Tomponay !
Fa avy lanao tokoa
Hanjaka aminay !

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Apôk. 3, 18-19 :

18 Dia manoro hevitra anao Aho hividy Amiko volamena voadio tamin'ny afo, mba hanan-karena ianao, ary fitafiana fotsy hotafinao mba tsy hisehoan'ny henatrao noho ny fitanjahana, ary odi-maso hahosotrao ny masonao mba hahiratanao. 19 Izay rehetra tiako no anariko sy faiziko. Koa dia mazotoa ianao ka mibebaha.

18 Je te conseille donc d'acheter chez Moi de l'or purifié par le feu afin que tu deviennes vraiment riche, des vêtements blancs afin que tu sois habillé et qu'on ne voie plus la honte de ta nudité, ainsi qu'un remède à appliquer sur tes yeux afin que tu voies. 19 Moi, Je reprends et Je corrige tous ceux que J'aime. Aie donc du zèle et repens-toi !

Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 : Toro-hevitra ho an'ny Fiangonana ao Laodikia : « mazotoa ianao ka mibebaha » – Consils à l'Eglise de Laodicée : « aie du zèle et repens-toi » :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny marary sy ireo mpitsabo mba – *pour les malades et les soignants pour que :*
 - tsy hiankina amin'izay fikarakarana atao azy ny marary fa hitodi-doha ho amin'Andriamanitra ka hangataka, amin'ny fo mino, ny fahasitranany – *les malades ne se fient pas aux soins qu'on leur prodigue mais qu'ils se tournent vers Dieu et Lui demandent, avec foi, leur guérison*
 - tsy hitoky amin'ny fahaizany norantoviny ny mpitsabo fa hiantehitra amin'Andriamanitra ka hanao izay Sitrapony mandrakariva – *les siognants ne se fient pas à leurs connaissances mais placent leur confiance en Dieu et fassent selon sa Volonté*
- ho an'ireo mpitondra antsika mba – *pour nos dirigeants pour que :*

- tsy hihevitra izy fa ampy azy ny fahefany ka tsy ilainy intsony ny fanampian'Andriamanitra fa mba hibebaka izy ka hiverina amin'ny Tompo – *ils ne pensent pas que leur pouvoir leur suffit et qu'il sn'ont pas besoin de l'aide de Dieu mais qu'ils se repentent et reviennent au Seigneur*
- hanao ny firaisany amin'Andriamanitra ho voalohan-daharana amin'ny fitondrany ny vahoaka – *ils considèrent leur communion avec Dieu comme prioritaire dans l'administration du peuple*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Tompo ô, ampianaro ny lalanao izahay mba hiankinanay Aminao. Aza avela hanalavitra Anao izahay fa taomy hibebaka isan'andro. Ampianaro tsy hiantehitra amin'ny herin'ny tenanay izahay fa hiankina Aminao mba hahitanay ny halehiben'ny fitondranao noho ny fitiavanao anay – *Seigneur notre Dieu, apprends-nous ton chemin pour que nous soyions dépendants de Toi. Ne nous permets pas de nous éloigner de Toi mais apee-le-nous, tous les jours, à la repentance. Apprends-nous à ne pas nous reposer sur nos performances mais que nous trouvions refuge en Toi afin de constater la grandeur de ta Conduite, fruit de ton Amour pour nous.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay nitsangana tamin'ny maty ka efa « nomena[o] ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany », no anaovanay izany vavaka izany. Amen ! – *C'est au Nom de Jésus-Christ, le Ressuscité, à qui Tu as donné « tout pouvoir dans le ciel et sur la terre » que nous faisons cette prière. Amen !*

Hira (Cantique) Hira (Cantique) : 173, 3-4 : Hosana no asandratray :

3. Hosana ! (in-3)
Hosana ! Fa ho sambatra
Izay mpanomponao.
Tsy hisy fahoriana
Ety an-taninao !

Fiverenana :

*Hosana no atolotray Anao, ry Tomponay !
:,: Ity no andro Jobily ka hifalianay :,:.*

4. Hosana ! (in-3)
Hosana ! Fa miomana
Izahay vahoakanao
Hitsena Anao Mpanjakanay
Raha avy lanao !

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Apôk. 3, 20-22 :

20 Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandôndôna : raha misy mihaino ny Feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko. 21 Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka Amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin'ny

Raiko eo ambonin'ny seza fiandrianany. 22 Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiangonana ».

20 Voici, Je me tiens à la porte et Je frappe. Si quelqu'un entend ma voix et ouvre la porte, J'entrerai chez lui, Je souperai avec lui et lui avec Moi. 21 Le vainqueur, Je le ferai asseoir avec Moi sur mon Trône, tout comme Moi aussi J'ai vaincu et Me suis assis avec mon Père sur son Trône. 22 Que celui qui a des oreilles écoute ce que l'Esprit dit aux Eglises ».

Fanamarihana 3 : – Commentaires 3 : Ny hafatry ny Tompo : « Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandôndôna : raha misy mihaino ny Feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko » – Le message du Seigneur : « Voici, Je me tiens à la porte et Je frappe. Si quelqu'un entend ma voix et ouvre la porte, J'entrerai chez lui, Je souperai avec lui et lui avec Moi » :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny Fiangonana mba – *pour l'Eglise pour que :*
 - tsy hanao tsinontsinona ny Antson'ny Tompo ho amin'ny firaisana Aminy ny mino fa hirotsaka amin'izany amin'ny fahavitrihana kosa – *les fidèles ne sous-estiment pas l'Appel du Seigneur mais qu'ils l'acceptent avec zèle*
 - hanaiky hiaina araka ny Sitrapon'Andriamanitra, ary araka ny Sitrapon'Adriamanitra irery ihany, ny kristiana – *les chrétiens acceptent de vivre selon la Volonté de Dieu, et selon la Volonté de Dieu seulement*
- ho an'ny mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que :*
 - tsy hiaina fanompoana hafa ankoatra ny fanambarana ny Sitrapon'Andriamanitra izy – *ils ne vivent leur service que dans l'annonce de la Volonté de Dieu*
 - hankasitraka ny fanomezam-pahasoavana omen'ny Tompo azy ho amin'ny fitondrana ny mino ho amin'ny firaisana velona amin'Andriamanitra izy – *ils soient jaloux des talents que le Seigneur leur donne pour conduire les fidèles dans la communion vivante avec Dieu*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Tompo ô, raha ekenay ny Asanao dia ho tombony ho anay mandrakariva ny firaisana Aminao. Ampianaro ny fonay izany, Tompo ô, ka taomy izahay hiala amin'ny fitokianay an'izay heverinay fa mety fa hiantehitra amin'ny Sitraponao kosa. Miasà amin'ny fiainanay lanao mba hahazoanay miara-miaina Aminao – *Seigneur, si nous acceptons ton œuvre dans notre vie, alors nous vivrons la communion avec Toi comme un avantage. Apprends cela à nos cœurs, Seigneur, et fais-nous sortir de la confiance que nous accordons exclusivement à nous-mêmes mais que nous cheminions avec ta Volonté. Agis en nous pour que nous puissions vivre cette communion vivante avec Toi.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanakao Lahitokana, Mpamonjy anay, no angatahanay izany Aminao, amen ! – *C'est au Nom de ton Fils unique, Jésus-Christ, notre Sauveur que nous Te demandons cela, amen !*

Hira (Cantique) 41 (= feo Hira 379 Torotoro va ny fonao ?), 1-2 : Indro Jeso mandondona :

1. Indro Jeso mandondona
Eo ambaravaram-po,
Injao ny feony mifona
Mba haneho indrafo,
Aoka Izy hovohàna,
Fa mitondra famelana
Hampahery sy hitana
Ny fanahinao sy fo.
2. Efa novidiny lafo
Mba ho afaka ianao.
Izy hiara-misakafo
Sy hifaly aminao.
Fahasoavana zaraina,
Lova ampanantenaina,
Iray ny vatsy, iray ny aina,
Endrey, ny hasambaranao.

FANDRAVONANA SY FAMPAHEREZANA – CONCLUSION ET EXHORTATION :

Teksta – Texte : Rom. 13, 11-14 :

11 Ary tokony hanao izany indrindra isika, satria fantatsika ny andro, fa ankehitriny izao dia ora tokony hifohazanareo amin'ny fahatoriana; fa ankehitriny ny famonjena antsika dia akaiky noho ny tamin'ny andro vao ninoantsika. 12 Efa ho lasa ny alina, ka efa mby akaiky kokoa ny andro, koa aoka hariansika ny asan'ny maizina ka hitafiansika ny fiadian'ny mazava. 13 Aoka isika hitondra tena tsara toy ny amin'ny andro; tsy amin'ny filalaovan-dratsy, na amin'ny fahamamoana, tsy amin'ny fijangajangana, na amin'ny fijejojejoana, tsy amin'ny fifandirana, na amin'ny fialonana. 14 Fa itafio i Jesosy Kristy Tompo, ary aza miahy ny amin'ny nofo hahatanteraka ny filany.

11 Cela est d'autant plus important que vous savez quel temps nous vivons: c'est l'heure de vous réveiller enfin du sommeil, car maintenant le salut est plus près de nous qu'au moment où nous avons cru. 12 La nuit est bien avancée, le jour approche.

Débarrassons-nous donc des oeuvres des ténèbres et revêtons les armes de la lumière. 13 Conduisons-nous honnêtement, comme en plein jour, sans orgies ni ivrognerie, sans immoralité ni débauche, sans dispute ni jalousie. 14 Mais revêtez-vous du Seigneur Jésus-Christ et ne vous préoccupez pas de votre nature propre pour satisfaire ses convoitises.

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakaanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.

Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumet pas à la tentation mais délivre-nous de mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira (Chant) chorale : Avia ry ondriko.

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fialiana.

Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions le Seigneur Dieu.*

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !